Ny Lozam-piarakodia.

Avy amin'ny fankalahan'ny vehivavy iray sy ny adalàn'ny zanany vavy, dia notapahina ny lohan'i Jaona Mpanao Batisa. Na dia nanambàra aza i Jesosy, *"Eo amin'ireo izay natera-behivavy, dia tsy mbola nisy lehibe noho i Jaona Mpanao Batisa,"* kanefa Andriamanitra, ao amin'ny fiandrianany, dia nifidy ny hamela ny habibin'ny olona ratsy indrindra, fomba faran'izay mahamenatra, mba hanalàna ny mpaminaniny teo amin'ny sehatra. Teo i Emanoela. *"Andriamanitra amintsika,"* mitsangana kilometatra vitsivitsy niala teo, mety nikombona teo an-tratrany ny tanany, raha teo am-panantanterahana ny tetidratsiny ity vehivavy iray ity. Haingana dia haingana ny mety ho fitsaran'ny sasany, izay nihevitra fa io dia fitsaran'Andriamanitra nianjera tamin'i Jaona Mpanao Batisa. Tena marivo saina ry zareo satria fantatsika fa mahakasika ny làlan'Andriamanitra fontsiny io fa tsy ny antsika. Mety ny tiantsika dia ny nahita an'i Jaona tamin'ny toeran'ny mpanjaka, na ilay iray nipetraka eo ankavanan'i Jesosy tamin'Izy tety an-tany. Fa i Jaona mihintsy no nilaza, *"tsy maintsy mihena aho, ary izy tsy maintsy mitombo."*

Rahalahy Branham dia niresaka ny hahatongavan'ny andro mahakasika ny tsy maintsy handehanany ihany koa, dia ny varavaran'ny fahafatesana. Ny niantsoany an'io dia *"fandosirana amin'ity trano misy pesta ity."* Tamin'ny andro nahafatesan'i Ranabavy Hope, dia nibitsika taminy izy,*"Ry malalako, izaho dia mety tsy maintsy hapetraka eo akaikinao."*

Tamin'ny fahadimampolo taonany, dia nanomboka nanamarika izy fa efa nilaozany ny antsasaky ny zato taona, ary izao ny fotoana raha mbola hanao zavatra ho an'Andriamanitra izy. Fantany fa ny "fitopolo" taona nomena azy dia tena nandroso ary izany raha mbola tsy tonga ny Tompo, dia halaina izy hitsena Azy ao amin'ny Voninahitra amin'ny alalan'ny fandosirana ny fahafatesana.

Ao amin'ny fitantaràny an'ilay fahitàna ireo anjely fito izay teo alohan'ny zavatra nitranga tao Arizona, izay nisian'ny fipoahana, dia nanontany tena izy raha Andriamanitra no nilaza taminy fa tapitra ny asa fanompoany ka efa ho faty amin'ny fipoahana na zavatra hafa mahery vaika izy. Io fahatsapana io dia nolazaina tao anatina toriteny maromaro ny fanombohan'ny taona 1963.

Mahakasika ny fividianana ny fanaka tao an-tranony tany Arizona, dia nolazainy aho fa tsy ho azy izany, fa izany dia natao mba *"Hananan'i Meda sy ny ankizy toerana tsara hipetrahana."* Faly izy fa mba afaka mipetraka amin'ny toetr'andro any an'efitra izy ireo, izay tena mahasalama raha oharina amin'ny tany lemak'i Jeffersonville. Nolazainy fa tena tiany ny any andrefana ary tia mipetraka any izy, fa raha nosafidin'ny Tompo ny haka azy, fara faharatsiny i Meda mba manana toerana tsara hipetrahana. Tadidiko ny fanamarihana nataoko taminy izay tsapako tamin'ny fandehanana vao tsy ela akory, tany amin'ny fasana nandevenana an'i Hope, fa tsy misy toerana ho azy eo akaikiny eo. *"Rahalahy Branham"* hoy aho, "*tsy maintsy ho velona ho amin'ny Fampakàrana ianao, satria io hazo io dia naka ny toeranao."* Teo anatrehan'izany, dia nitodika izy ary nandeha niala teo anatrehako tsy nanome valiny.

Mety hijery ny fahafatesana tahaka ny zavatra mampatahotra sy mapihorin-koditra, fa tsy maintsy ataontsika ao an-tsaina ny tenin'i Jesosy izay milaza, ao amin'ny Jaona 5:24 *"Izay mandre ny feoko, ary mino izay naniraka ahy, dia manana ny fiainana mandrakizay..."* Andriamanitra irery ihany no afaka hilaza ireo teny ireo. Jesosy niresaka momba an'i Lazarosy, *"Matory izy."* Ny mpianatra dia namaly fa

raha izany no izy, *"tsara izy izany."* Fa rehefa nohazavainy fa maty Lazarosy, dia natahotra izy ireo ary nangovitra satria mbola tsy nahita fananganana tamin'ny maty ry zareo. Ao amin'ny fampanantenana amin'ny fitsanganana amin'ny maty ihany no hialàn'ny vahoan'ny fahafatesana amintsika.

Ny fotoana mitondra mankany amin'ilay loza dia nanomboka ny Asabotsy maraina be, 18 Desambra, 1965, raha niala tao Tucson Rahalahy Branham sy ny ankohonany, ho any Jeffersonville hanao vakansy Krismasy. Manaraka ny làlan'izy ireo tamin'io andro tsy azo nialàna io, izahay dia nahita fa nijanona tao amin'ny Hank's Restaurant tao Benson izy ireo, Arizona, mba hisakafo maraina. Ho an'ny sakafo atoandro dia nijanona tao Dinateria ao Alamogordo ry zareo, any New Mexico. Tokon'ny tamin'ny enina hariva tamin'io fotoana io, dia tao amin'ny tananan'ny Clovis, New Mexico izy ireo, ary nijanona tao amin'ny Denny's Restaurant mba hisakafo hariva.

Rahalahy Branham, Ranabavy Branham, Sarah sy Joseph dia nandeha tamin'ny fiarany, Ford 1964. Billy Paul, Ranabavy Loyce, sy ny zanany roalahy nanaraka tamin'ny fiaran'i Billy. Tahaka ny zavatra maro momba ny Rahalahy Branham, na dia ny fiara nandehanany aza dia diso ny filazàna azy. Noho izany antony izany indrindra, dia tiako ny mametraka mahitsy ny zava-niseho. Ilay fiara dia 1964 Ford ary sahabo 88500 kilometatra no eo aminy, izay tokony namidiny tamiko taty Jeffersonville ary handraisana vaovao iray 1966. Tsy maintsy nandeha fiaramanidina ho any Jeffersonville aho mba hitondra ilay fiara hiverina.

Tao clovis, ny akohonany dia nitantara fa nisy zavatra anankiroa niseho. Voalohany, nilaza izy fa tsy hihinana, fa toa tsy izany no fahitàna azy, ary avy eo izy dia nanantona ireo avy tao anaty fiara tao amin'ny trano fihinanana ka nihinana sakafo maivana. Ny zavatra faharoa dia rehefa nivoaka tao amin'ny trano fihinanana ry zareo, dia nasainy nandeha niaraka tamin'i Billy Paul i Joseph ary ny ankohonany tamin'nilay fiara tao aoriana. Tsy fanaony izany, nahafantatra fa zazalahy tahaka an'i Joseph dia hanahirana raha ao anaty fiara efa feno entana sy olona.

Rahalahy Branham dia tia mamily fiarakodia. Izy sy Billy dia nandeha anarivony kilometatra maro avy amin'ny fivoriana iray mankany amin'ny hafa. Izy mianaka dia nampiseho ny traikefany izay mahatalanjona ny fandehanany amin'ny lalambe, matetika dia tsy misy toro-lalana. Tadidin'izy ireo avy hatrany ny fahasarotana sy fihodinana amin'ny lalambe sarotra mifandray. Fantatr'izy ireo tsara ny lalany, fantany ireo toerana hijanonana hisakafoanana eny fa na dia ny anarana trano fihinana lavitry ny lalana aza. Hitako io traikefa sy fahamailona io raha nandeha niaraka tamin'izy ireo ho any British Columbia aho tamin'ny 1964. Tena zava-dehibe io toetra iray io, mino aho, satria io dia mitondra mankany amin'ilay lozam-piarakodia.

Eo amin'ny ilany iray amin'ny Texaco, Texas, amin'ny faran'ny tanàna, dia misy fiviliana mahazatra izay tsy maintsy andehanana eo amin'ny nosy kely, eo afovoan'ny arabe mba hiviliana miankavia mihazo ny lalambe mankany Amarillo. Billy Paul eto no mandeha aloha amin'ny fiarany mitarika ny lalana, nanao fiviliana somary sarotra, ary Rahalahy Branham dia tsy tafahodina. Nijanona tamin'ny sisin-dalana Billy, niandry ny rainy niodina avy ery lavitra ery, niverina tamin'ny lalana sady niodina niverina. Ranabavy Branham dia nahatadidy ny nivoahan'i Rahalahy Branham ny tanàna, niampita lalamby, nanao fihodinana miverina, ary niverina teo amin'ny sampanan-dalana. Billy dia nilaza fa telo na dimy minitra no nomeny ny rainy mba hiverenany hahatratrarany azy.

Dimy kilaometatra atsinanan'i Friona, Billy Paul nandalo fiara iray (Fantatra taty fa ny fianakaviana atao hoe Busby no tao anatiny). Ary raha nandalo ilay fiara izy, dia nahita jiro tokana eo anoloana manakaiky, tahaka ny moto. Rehefa mby akaiky kokoa ilay jiro, dia tonga saina izy fa fiara ilay izy, miaraka amin'ny jioro ankavia maty, ary ny jiro ankavànana mitsilo ny afovoan-dalana. Izany dia

nametraka ilay fiara mihoatra ny antsasa-dalana misy an'i Billy, ka nahatonga azy hivily any an-kady mba tsy hisian'ny fifandonana. Satria izy niverina tamin'ny làlana dia, torakovitra nohon'ny amin'izany, ary nijery tamin'ny fitaratra fitazànana ny ao afara izy hijereny raha afaka niàla tamin'io fiara mankany io ilay iray vao avy nandalovany teo. Tampoka teo dia nisy feona fifandonana mafy! Ilay fiara, Chevrolet 1959, nentina tovolahy fito ambinifolo taona izay ny tantàran'ny fiainany dia fanasaziana nohon'ny vono-olona hatramin' izy mbola iraika ambinifolo taona, dia nifanena tamin'ny lohan'ilay fiara manaraka teo.

Ilay tovolahy dia navoaka tao amin'ny Gainsville Reformatory telopolo andro monja talohan'ny loza. Navotsotra izy mba ho eo ambany fiadidin'ny dadatoany, mpamboly faran'izay mahantra ary manan-janaka sivy hafa. Ilay tovolahy dia zara raha nahafantatra ny ray aman-dreniny. Ny telopolo andro lasa dia niasa izy ary nahangona vola zato dolara nahafahany nividy io fiara io izay vao telo andro lasa. Mazava ho azy fa ilay fiara novidiany dia misy fahasimbàna, ary tamin'ny fotoanan'ny loza, ilay mpamily tanora sy ny namany dia efa mamomamon'ny toaka. Ilay olona nividianany io fiara io nanamafy fa misy ny fiantohana amin'izany, mba hiarovana ny fananany, kanefa ilay mpamily dia tsy nanana fiantohana. (Assurance)

Ny tonga tao antsain'i Rahalahy billy Paul voalohany dia hoe ilay fiara vao avy nandalovany no tratra tao. Noeritreretiny fa ny rainydia nanaraka ilay fiara ary nangataka fanampiana, Billy dia nihodina niverina ho amin'ilay toerana nisian'ny fifandonana. Ny jirony avy eo aloha fontsiny no nahatazana ny fahapotehana, dia akory ny hatairany fa hay ny rainy koa nifanena tamin'io fiara io tahaka azy, ary dia ny rainy no anisan'ny voa tao amin'ilay lozam-piarakodia.

Najanon'i Billy ny fiarany teo amoron-dalana, nidiny ny varavarana sady nivoaka izy, nolazainy ny ankizy hijanona tao. Izy sy Loyce nihazakazaka niampita ny arabe mba hijery ilay tranga mahatsiravina. Ny rainy dia nivoaka avy eo amin'ny fitaratra aloha ary nivalapatra teo amin'ny satroky ny fiara (capot). Ny kihony havia dia voasarangotry ny varavarana, ny tongony havia tsy mampino mhodina amin'ny tahon'ny familiana. Sarah dia mivalapatra ao aoriana. Ary Ranabavy Meda teo ambanin'ny tabilao (tableau be bord) amin'ny ilany ankavanana. Hoy Billy tamin'ny rainy, *"Dada a!"* hoy izy, *"Teneno ilay teny!"*

Namaly Rahalahy Branham, na, *"Tsy afaka aho"* na *"tsy ho ataoko"* dia nahodiny ny lohany tsy nijery an'i Billy.

Loyce nikiakiaka, *"Maty Meda! Maty Meda!"*

Nihazakazaka nihodina tamin'ny ilan'ny fiara i Billy dia nahita an'i Ranabavy ny tanan'i Ranabavy Meda ar nitsapa ny fitempon'ny fony. Tsy nahatsapa fitempoana izy. Niverina tao amin'ny rainy, dia niresaka tamin'ny Rahalahy Branham fa toa hoatran'ny tsy nisy valiny izany.

Nisy kiaka tamin'ny alina ary nandalo ny eritreritr'i Rahalahy Branham - Eo anoloany, Joseph dia voagejan'ny fangirifiriana sy ny tahotra amin'ny zavamisy, ny fahafantatrana fa ireo ray aman-dreniny dia haràtra be na ho faty. Tamin'izay dia niarina Rahalahy Branham, nakifiny ny lohany, dia hoy izy, *"Fa inona ilay teo?"*

Nolazain'i Billy ny rainy fa maty ny reniny. Tsotra ny navaliny, *"Aiza izy?"*

"Eo ambanin'ny tabilao eo izy." Hoy Billy taminy.

“Ataovy eo amin'ny tanako ny tanany,”, izay ny baikony sady nalefan'ny Rahalahy Branham tany aoriana ny tanany mba ahafahan'i Billy manakambana azy ireo. Ny vavaka nataony dia, *“Andriamanitra o. Aza avela ho faty mamanay fa avelao izy hiaraka aminay.”*

Ranabavy Meda sy Sarah dia nesorina tao ary nentina tany amin'ny Hopitaly tao Friona, Texas. Ilay rivodozam-piainan'ilay zatovolahy mpamily dia vita teo koa. Ireo niaraka taminy teo an-kavanana dia maty fa zatovo lahy roa tao aoriana dia zara raha velona. Niaraka tamin'ny velona sy ireo zara raha nanan'aina handehanana any amin'ny hopitaly, ny asa mafy hanesorana ny Rahalahy Branham hiala tao amin'ilay fahapotehana dia nanomboka. Io dia nahatratra dimy amby efapolo minitra tao anatin'ny fangirifiriana.

Voasarangotra mafy tao amin'ilay fahapotehana izy ka tsy maintsy naka fepetra enjana mba hanalàna azy tao. Rehefa nositonin'ny kamiao roa ny fiara mba hisaraka, Rahalahy Billy Paul dia nanao ny ainy tsy ho zavatra mba handady ao amin'ilay fahapotehana hanala ny rainy. Ny fahadisoana teo, raha nianjera niverina ilay fiara, dia mety nahafaty an'i Billy mora foana. Nandà ny torohevitry ny mpanaramaso ny lalambe sy mpamonjy voina i Billy, ka niditra tao amin'ilay fahapotehana, ary teo dia novahany ny tongon'ny rainy hiala tamin'ny tahon'ilay familiana, nodakàny ny varavarana, ary dia nentiny nivoaka ny rainy. Tamim-paharatràna lehibe, ny rainy dia napetraka tao anaty fiara mpitondra marary ary ilay zanany tsy mahafoy dia niaraka taminy. Ny Tenin'i Rahalahy Branham tamin'i Billy na dia tsy nazàva tsara aza, dia matotra, *“Billy mbola eo ve ny solo-voloko?”*

Namaly Billy fa nataony izany, ary ny tenin'ny rainy manaraka dia, *“Esory any io,”*Billy dia nisintona izany ary nanàla an'io. Tamin'io fotoana io dia baiko no nomeny, *“Esory any io,”* Nalain'i Billy ilaay solovolo ary nakipany hiàla.

Fotoana fohy taorian'ny nahatongavan'izy ireo tany amin'ny Hopitaly, ny vaovao tsy mampino dia niparitaka fa Rahalahy Branham sy ny ankohonany dia tratran'ny lozam-piarakodia mahatsiravina. Ny zanak'i Rahalahy Branham vavy, Becky, sy ny fofombadiny, George Smith, dia nivahiny tao aminay tao Tucson ny alin'io loza io. Vao avy nivoaka ny varavarana izy ireo dia tonga tamin'ny antso antarobia ny vaovao. Tao anatin'izany ora izany, rehefa avy niresaka tamin'i Billy tao amin'ny hopitaly aho ary tsy haiko ny milaza ny fahasarotan'ny fahasalaman'i Rahalahy Branham, dia nandeha fiaramanidina ho any Phoenix aho, fotoana voalohany tamin'io andro io teo anilan'ny fandrianan'ny mpaminany malalantsika. Tsy nanana famandrian-toerana aho, ary tsy tao antsaiko akory ny hahatanteraka ny diako. Tao Alburquerque, dia niondrika aho raha naharay ny antso antarobia avy tamin'i Billy, fa Rahalahy Branham dia nentina any Amarilo, Texas. Billy dia niangavy ahy mba hitondra ny fianakaviany tao Clovis ho any Amarilo. Satria tsy nisy fiaramanidina tsotra vonona teo dia nanofa fiaramanidina aho.

Io fanofàna fiaramanidina ho an'olona manokana io no nahitako zavatra tsy ho afaka ao antsaiko. Io dia tamin'ny niposahan'ny masoandro ny 19 Desambra, nanidina nahatratra telo kilometatra, ka nahitako *“famantàrana teny amin'ny lanitra”* izay lazain'ny Teny fa mety ho hitantsika rehefa manakaiky ny farany. Ny volana dia niha-maizina tanteraka, tahaka ny milàza fahoriana, afa-tsy ilay hazavàna kelymiendrika ranomaso indray mitete, eo amin'ny farany ambany. Ny lokony dia mena tahaka ny rà. Nitodika tany amin'ilay mpanamory aho, izy dia Mormon, ary nanontany azy raha nahita izay hitako izy. Ny valiny nomeny dia nahaliana, *“io dia famantàrana ny fiavian'ny Tompo”* Rehefa afaka izany, tao Clovis, dia tsy nanaiky ny fanasàko izy mba hitohy ho any Amarilo,nilazàny fa nampihetsi-po azy izany zavatra izany ary tsy maintsy hiverina hody izy mba handamina ny any an-tokatranony.

Ny hany famantaràna fiainana hitako teny amin'ny fidinan'ny fiaramanidina tamin'io ora io maraina io dia jiro kely teo amin'y sisiny izay toa lasa jiron-dakolosy eo ambaravarana amin'ireny trano misy

kodiarana ireny. (house trailer) Nofohaziko ilay olona tao izay sakodiavatra ihany ny amin'izany famangiana maraina be izany, ary nanontany hoe ahoana ny fomba nahatongavako tany. Ny Tompo dia manome lalana, izay vao fantatro, fa fiara manana endriky ny National Car Rental izay navela teo ho an'ny olon'ny National Car Rental mba hitaona azy ireo ny hariva. Ny fanalahidy dia tao amin'ilay fiara. Tampoka teo dia lasa mpangalatra fiara aho, satria nentiko ilay fiara, noraofina ry Loyce sy ny ankizy, dia nitodi-doha tany Amarilo izahay. (Nateriko tao amin'ny biraon'ny National Car Rental tao Amarilo ilay fiara, ary dia faly izy ireo fa nomena ny sarany ary ny fiara voarainy.)

Tonga tao amin'ny trano fiandràsana tao amin'ny hopitaly aho tokony ho tamin'ny 8 ora maraina, telo ambinifolo ora taorian'ny nitrangan'ny loza. Billy dia tsy natory ny alina tontolo. (Nisy fotoana, ny tosidrà n'i Rahalahy Branham dia nidina aotra, ary ny soratra medikaly dia milàza fa nareniny ny lohany mba ahazoana manao famindràna rà.) Raha mbola hiaina hatramin'ny faha enimpolo taonany Rahalahy Billy Paul, dia mino aho fa hitovy aminy izy tahaka ny nahitàna azy io maraina io. Tena reraka izy, mafy loatra ny havizanany ka tsy fantany akory ny fandehako niditra ny efitra, naka ny telefaonina teny aminy izay teo ampiresahana amin'ny toerana lavitra, ary nitondra azy teo amin'ny seza lava (canapé) ka avy hatrany dia nironjona natory izy.

Tonga teo am-baravarana ny mpitsabo mpanampy, nilàza tamiko fa vita ny fandidiana ny Rahalahy Branham, ary nanontany ahy izy raha te hijery azy aho. Noheverin'ilay vehivavy fa tsara izany satria mamela an'i Billy hatory fa izaho kosa nentina tany amin'ny Intensive Care Unit. Sarah dia tsy dia tena naratra be, nafindra tamin'ny toerana hafa tao amin'ny hopitaly. Voalohany dia navela hijery an'i Ranabavy Branham aho. Toa tsy mahatsiaro tena izy, mivonto ny endriny ka tsy nisy nahalalana azy. Raha niresaka taminy aho dia hoatran'ny tadidiny aho fa tsy tena tonga saina izy.

Nisaiko ireo narary tao. Nisy olona iraika ambinifolo tao amin'ny Intensive Care Unit akoatran'i Rahalahy Branham. Noraiketiko tao antsaiko io zavatra io, izay tsy fantatro izay fotoana ahafantarana ny dikany. Nandeha teo anilan'ny fandrinan'i Rahalahy Branham aho.

Ny tanany havia sy ny tongony dia mihantona. Tsy nahenoana valiny izy hatram'izy navoaka avy ao amin'ny efitra fandidiana. Niresaka taminy aho - fa tsy namaly izy.

Tamiko dia tahaka ny hoe raha miteny ilay teny fontsiny izy... Nolazaiko izany izy. Fa mbola tsy nisy valiny.

Nitomany aho.

Tamin'izany ranomasom-pahoriana nanerana ny tenako,ilay ngidin'ny fiononana amin'ny ranomaso, dia nahita ny tenako nihira aho *Eo ambonin''ny elatry ny voromailala fotsy tahaka ny ora-panàla.*

Tahaka ny hoe ny fitarainan'izany hira izany, izay tena tiany tokoa, dia niditra lalina any amin'ny saina izay tena naharitra tamin'ny ora vitsy farany. Nahodiny ny lohany, nosokafany ny masony, ary nitsiky tamiko izy.

Natao (Tracheotomy) mba ahafahany miaina ary ilay fantsona dia mivoaka eo amin'ny tendany, manakana azy tsy hiteny. Notantaraiko azy ilay famantàrana hitako teo amin'ny volana. Ilay vaovao dia nisy fiantraikany mahery vaika, ary niezaka nipetraka izy ary nikiaka tamiko, fa ny feo tsy nisy efitra nahafahana nihainoana izany tao amin'ny tendany, fa lasa tany amin'ilay fantson'ny tracheotomy. Tsy fantatro izay tiany nolazaina, na nahoana ny fitantarako ilay zavatra hitako no nahatonga valiny misongadina tahaka izany. Misarika anao aho hiaino ny Fanontaniana N°24 amin'ny rakipeo mitondra

ny lohateny hoe “Fanontaniana momba ny Tombokase” Teo i Rahalahy Branham dia niresaka momban'ny famantàrana izay tsy maintsy ho hitan'i Jaona Mpanao Batisa. Eo ambanin'ny osotra dia nanamarika zavatra momban'ny volana izy miova tahaka ny rà. Jaona tsy nanana famantarana volana miova tahaka ny rà.

Ny dimy minitra famangiana izay efa tapitra, dia niala ny toerana aho mba hiantso ireo hafa fantatro izay miandry ampitaintainana ireo teny momban'ny fahasalaman'ny mpaminany. Ny sasany dia efa nanomboka tonga. Nanao fiharetan-tory izahay ny Alahady... Ny Alatsinainy lasa... nitohy ny fiharetan-tory. Ny Talata, ny dokotera dia nampilaza taminay fa ny voamason'i Rahalahy Branham ankavia dia mibontsina, ary izany dia midika fa nihetsika mafy ny atidohany, noho izany dia ilaina ny andidiana azy maika mba hanalefahana an'izany. Ny fanapaha-kevitra faran'izay haingana na ho didiana izy na tsia dia nankinina tamin'i Billy Paul. Mampatahotra ny manapa-kevitra momban' izany, fa ny rehetra kosa dia nahatsapa fa Andriamanitra dia hanoro azy ny safidy marina, manoloana izao zava-dehibe izao, izay mahakasika ny fiainan'ny mpaminanin'Andriamanitra.

Rahahy Billy Paul dia nahavory teo amin'ny rahalahy dimy amby enimpolo teo izay tonga avy amin'ny North American Continent (Amerika Avaratra) rehetra tany, nilaza tamin'izy ireo ny zava-misy eo aminy, ary niangavy azy ireo mba hivavaka ho azy. Izany dia tahaka ny zavatra mahazatra tokony atao; dia nanomboka nihira indray izahay, Eo ambonin'ny elatr'ilay voromailala fotsy tahaka ny oram-panàla. Ivelan'ny varavaran-kely dia andro, mangatsiaka, maloka mitaratra ny fihetsika amin'ity zava-misy manandanja ity. Orana, oram-panala, sy toetr'andro mangatsiaka dia tsy nitsahatra haramin'ny fotoana nahatongavako teo an-tanàna. Ankehitriny anefa, dia tena nisy famantàrana nampahery anay, fa raha vao nihira ny teny hoe, *“Famantarana iray avy any ambony...”* ny tsirairay dia vavolombelona fa niposaka tery amin'ny rahona ny masoandro tamin'io fotoana tsy diso io, nanazava ny efitra izay nivorianay rehetra. Rahalahy Billy Paul dia nandray an'io ho famantarana fa niaraka taminay Andriamanitra ary hanampy anay amin'ny fanapahan-kevitra. Fotoana fohy taorian'io dia nanao sonia izy ny hanaovana fandidiana azy.

Fahatafitohinana sy fadisoam-panantenana no niseho tamin'ny feon'ireo izay niantso ahy nitohy tsy misy fiafarany nandritra ny andro taorian'ilay loza. Nisy ny feon'ny olona malaza tahaka ny Rahalahy Oral Roberts, Rahalahy Demos Shakarian, sy Rahalahy Tommy Osborn. Rahalahy Oral dia niresaka ny amin'ny fitondrana ambavaka an'i Rahalahy Branham, Rahalahy Demos nahatsapa fa tsy mampino raha izany zavatra izany no hitranga amin'ny mpaminanin'Andriamanitra. (E izany fahakelezan'ny fahafantarantsika ny fiandrianan'Andriamanitra izay ny lalany tsy lalantsika.) Fa i Tommy Osborn izay ny alahelony dia niseho tamin'ireo teniny no nilaza tamiko, *“Mpaminanin'Andriamanitra io, raha esoriny eo amin'ny sehatra izy, dia tsy hisy zavatra handrasan'izao tontolo izao afatsy ny fitsarana.”*

Maro ny siontsion-dresaka ambadika, nitombo satria iza tokoa moa no mahalala izay ao an'eritreritry ny olona, miparitaka lavitra ary mahazo vahana. Rahalahy Branham niala tao amin'ny fandrianany dia nivoaka ny hopitaly; Rahalahy Branham nivavaka ho an'i Ranabavy Branham izay niha-sitrana tsikelikely. Noho izany indrindra, mba ahafahako manampy araka izay azoko natao, dia noraisiko ny antso avy amin'ny Rahalahy Billy Paul, araka ny fangatahany, dia niezaka mba hanao zavatra momba ny fiparitahan'izany zavatra izany satria mivelatra izany. Ny zavatra iray azoko hijoroana vavolombelona, ireo olona iraika ambiny folo tao amin'ny Intensive Care Unit dia nivoaka tao daholo ary tsy nisy maty na dia iray aza. Ireo rehetra tao amin'ny toerana nametrahana an'i Rahalahy Branham dia navoakan'ny hopitaly, na dia nisy lehilahy iray tena narary mafy aza tao, satria ny fony dia nijanona tsy nitempo indimy tamin'ny indray alina. Mety tsy ho takatry ny olona ny dikan'izany, fa ho ahy, io dia mampiseho fa ilay osotra dia mbola teo akaikin'ny mpaminanin'Andriamanitra, ary ireo olona ireo dia nioty ny vokany. Amin'izany dia manome voninahitra an'Andriamanitra aho sy midera Azy.

Anjarako ny niandry tao amin'ny efitra fiandrasana, nanomboka tamin'ny 3 ora hariva teo ka hatramin'ny 6 ora maraina. Io fiandrasana irery io dia nahafahako nandany fotoana nahamety nijanonako teo anilan'ny mpaminany, nivavaka, nitomany, ary nangataka vahaolana tamin'Andriamanitra amin'io loza io. Fonosana vatomany ho an'ny mpanampy ny mpitsabo isan'andro no nahafahana nanao izany, kanefa aho mandritra ny andro dia nitsangana ho an'ny hafa mba hanana ilay fotoana sarobidy teo akaikin'ny mpaminany malala. Tsy nanana toerana manokana aho, na fahafahana manokana, na teny manokana avy amin'ny mpaminany ka nahatonga ireo famangiana tamin'ny alina ireo. Fa izao, tsy niresaka tamiko mihintsy izy na dia indray mandeha aza, fa nangataka tamin'Andriamanitra aho ny amin'izay anjarantsika raha ity, ny mpaminaniny no tsy maintsy esorina.

Tokony tao aorianan'ny 4:30 maraina ny 24 Desambra, rehefa nanokatra ny varavaran'ny efitra fiandrasana ny mpanampy ny mpitsabo (infirmière) mba hilaza tamiko fa Rahalahy Branham dia nijanona tsy niaina intsony tamin'ny 4:37 maraina, ary dia nataony teo amin'ilay fitaovana ahafahana miaina izy. Ilay fitaovana no miaina ho azy; Henoko ny feon'izany avy eo amin'ny efitra ilany. Mbola dingana ratsiratsy kokoa indray, fa mbola nino an'Andriamanitra aho ny hamelany an'izany handeha lavitra alohan'ny hahasitranan'i Rahalahy Branham. Na dia teo aza ny andro nanahirana tamin'ny famaliana ny antso antarobia, manao fifampiraharahana amin'ny antso manokana, ho an'ny fangatahana manokana ho an'izay te hivavaka ho an'i Rahalahy Branham, matetika amin'ny maraina be amin'ny fahatongavan'izy ireo ao an-tanana, dia mbola nanam-pinoana aho. Raha nilaza tamiko ianao fa tsy ho sitrana izy, dia mety nilazako tsotra fontsiny ianao hoe tsy fantatrao izay zavatra lazainao.

Ny ora dia 5:49 hariva Zoma 24 Desambra. Mbola izaho irery ihany indray no teo amin'ny trano fiandrasana. Nijery aho raha nanokatra ny varavarana ny mpitsbo mpanampy. Ny tarehiny dia tsy mandainga fa vaovao mampalahelo no nentiny raha nanontany ahy izy raha haka an'i *"Andriamatoa Branham."* aho.

"Fa...vita?" Hoy aho nanontany.

Nahifiny ny lohany (tsy nahatoky ny feony izy) *"Eny"*

Nitony aho, hita hoe tsy taitra, tahakan'ny nisy hery tsy tato amiko nampahery ahy, ary dia nandeha nidina ny lalantsara aho tao anaty "ascenceur", tao amin'ny efitra fihinanana izay fantatro fa mihinana sakafo maivana ao i Billy Paul. Tamin'ny fomba tsy mahazatra, izay misy zavatra tsy misy dikany miditra ao antsain'ny olona iray amin'ny fotoana mangirifiry na fiasan-tsaina be, tadidiko fa i Billy dia teo, mihinana tapaka mofo mamy vita amin'ny "chocolat."

"Rahalahy Billy," Hoy aho, "*Ny mpanampy ny mpitsabo dia nilaza tamiko fa te ahita anao i Dokotera Hines."*

Dokotera Hines dia Dokotera miandraikitra ny taolan'i Rahalahy Branham. Nanao sary kely izy ahitana ny kiho sy ny taolampen'i Rahalahy Branham, mba hampisehoana ny maro taminay ny fahapotehin'ireo taolana ireo tamin'izy nentina niditra tao. Mbola hananako io sary kely io. *"Tsy azo amboarina"* ny teniny manazava ilay fahavoazana. Andro fitsy taty aoriana anefa dia nanao sary hafa izy nasehony anay, mahagaga fa ireo taolana ireo dia nirafitra nikambana daholo. Tsy nilaza izy fa sitrana Rahalahy Branham, fa gaga izy, ary nambarany fa ny firafitry ny taolany dia *"aman'alina tsara lavitra noho izy nentina niditra ny hopitaly."*

Io dia manazava ny resaka mandeha izay henon'ny maro fa ny mpaminany dia sitrana tamin'ireo

taolany vaky. Nisy zavatra mihoatra ny natioraly nitranga, eny fa na dia ny manam-pahaizana momba ny firafitry ny taolana aza dia tsy afaka nahafantatra izany.

Niangavy Billy mba handeha hiaraka aminy hijery an'i Dokotera Hines. Rah niditra ny efitra fanaovana fizahana marary izahay, dia afaka nijery ny Intensive Care Unit (Urgence) izay nosarihan'ilay mpanampy ny dokotera ny lamba fanakonana (rideau) nanodidina ny fandrinan'i Rahalahy Branham. Teo dia, nijery ahy Billy Paul sady niteny, *"Pearry, vita."* Nahodiko ny lohako hanafenako ny ranomasoko ary teo indrindra no niditra i Dokotera Hines.

"Andriamatoa Branham," hoy Dokotera Hines, *"Malahelo aho milaza aminao fa ny rainao dia maty tamin'ny 4:49 hariva."*

Billy dia nanondrika ny lohany, nisefosefo moramora. Nitodika taty amiko, hoy izy,tamin'alahelo, *"Pearry, ento mody dada."*

http://www.believersnewsletter.org

Believers Newsletter

Translation.info.bnl.ministries@gmail.com